## Fivarotana nampidi-kizo
# Rava daholo izay vola nampidirina tao 6


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 31 jolay 2018 Laharana 795 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Amosa 3: 7** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an' izao tontolo izao

## Nihorin-koditra ny HVM 3
# Tena tian'ny vahoakan'Alaotra Ravalo




## Fitantanam-bolan'ny CUA 2
# Salama ary miha-tsara hatrany



**DEPIOTEN' NY FANOVANA TIM** 3

### Nitondra ny hafatry ny filoha Ravalomanana tany Soavinandriana



**50 taonan'ny FJKM** 2

### Fotoan-dehibe any Toamasina ny 18 aogositra

**CUA sy ny TIM Boriboritany VI** 2

### Nanatanteraka didimpoitra maimaimpoana faobe

**Torana 24 ora** 6

### Tovovavy kely 12 taona novonoin'ny rainy

**Daka kely**

Tena manala-baraka ny tolon'ny Maherifo mihitsy nareo Raforce a !

**Holafitry ny vaditany ...** 7

### Me Rasamimaka no filoha vaovao



BEN'NY TANÀNA LALAO RAVALOMANANA

## Salama ary miha-tsara hatrany ny fitantanam-bolan'ny CUA

Salama ary mihasalama hatrany ny toe-bolan'ny Kaominina Antananarivo (CUA) hoy ny ben'ny tanànan' Antananarivo Lalao Ravalomanana androany maraina, tetsy amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely, nandritra ny fanokafana tamin'ny fomba ofisialy ny fivoriana arapotoana voalohan'ny filan-kevitry ny tanàna amin'ity taona 2018 ity. Iriana hoy izy ny mbola hitomboan'izay fampidiram-bolan'ny CUA izay. Nanokatra izany tamin' ny fomba ofisialy ny filohan'ny Filan-kevitry ny kaominina Antananari vo Renivohitra, kolonely Faustin Andriambahoaka, nanome voninahitra ny fotoana ny ben'ny tanànan'Antananarivo sy ireo mpiara-miasa aminy akaiky. Tratra ny fetr'isa hahafahana manao ny fivoriana satria mpanolotsainan'ny tanàna 38 amin'ny 54 no tonga niatrika izany, nisy ny fanomezan-dalana avy amin' ny Préfet de Police. Nampahafantarina tamin'izao fanokafana fivoriana



izao koa ny mpanolotsainan'ny tanànan'Antananarivo vaovao, Livasoa Razafindrasolo ao amin' ny Boriboritany faha-4, izany dia araka ny didy navoakan'ny Fitsarana misahana ny ady amin' ny fanjakana. Tena ifantohan'izao fivoriana arapotoana izao ny fijerena ny fitantanam-bolan'ny Kaominina tamin'ny taona 2017 na compte administratif, sy ny fanampin'ny tetibola amin'ity taona 2018 ity na budget additionnel 2018. Ankoatra izany dia eo koa ireo loha-hevitra maro hafa mbola ho dinihana sy handraisana fanapahankevitry ny mpanolotsainan'ny tanàna mandritra ny fivoriana izay haharitra 10 andro. Anisan'ny hodinihan'ireo mpanolotsaina ny fampandehanan'asa amin'ny ankapoben'ny Kaominina, ny fanitsiana ny rafi-pitantanan'ny kaominina na organigramme; ny momba ny bokin'andraikitr' ireo mpitatitra eto amin' ny tanànan'Antananarivo, ny fitantanana ireo tanin'ny Kaominina mba ho tombontsoan'ny be sy ny maro, tsy misy mihitsy ny fivarotana tany amin'ny olon-tsotra ao anatin'izany. Fifanarahan-piaraha-miasa momba ny fanatsarana ny zaridainan'Ambohijatovo, fifanaraham-piaraha-miasa amin'ny orinasa Atelier d'Art; vinavina amin'ny fampanofana tany na bail etsy Ambatovinaky; fanatsarana ny kianja filalaovana tennis ao amin'ny kianjaben'i Mahamasina. Ny amin'ny ho fananganana ny sampandraharaha misahana ny tanàn-dehibe amin'ny antsoina hoe Grand Tanà na Agence d'Urbanisme du Grand Tana; ny fanomezana anarandalana Profesora Zafy Albert eto an-drenivohitra. Ny famerenana amin'ny kaominina ny toerana misy ny Ecole de Rugby ao Mahamasina; ny fifanaraham-piaraha-miasa amin'ny orinasa Galana ao amin'ny Boriboritany faha-6; ary ny fanomezan-dalana hanasazy ny fiaram-panjakana amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra. Antananarivo ho modely no tanjona amin'ny fanapahan-kevitry ny mpanolotsainan' ny tanànan'Antananarivo hoy ny Filohan'ny Filankevitry ny tanàna, kolonely Faustin Andriambahoaka nandritra izao fotoam-panokafana izao.

***Isambilo***

CUA sy ny TIM Boriboritany VI

## Nanatanteraka didimpoitra maimaimpoana faobe

Ankizy miisa 25 no vita didimpoitra maimaimpoana faobe tao amin'ny biraon'ny Boriboritany faha-6 Ambohimanarina ny sabotsy maraina teo. Izany no tontosa dia vokatry ny fiaraha-miasa teo amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) sy ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) rehetra ao amin'ity Boriboritany ity. Araka ny toromarika avy amin'ny ben'ny tanànan'Antananarivo Lalao Ravalomanana no nanomezana dokotera maimaimpoana sy fanafody nanaovana izao famorana izao hoy ny delegen'ny Boriboritany faha-6, Fehizoro Andriamananjezika, nisolotena ny ben'ny tanànan'Antnanarivo. Ny kilalao maro nozaraina ho an'ireo ankizy vita didimpoitra kosa dia avy amin'ny antoko TIM, ny vehivavy TIM, ny tanora TIM ao amin'ny Boriboritany faha-6 sy ny malala-tanana: olona tsotra tsara sitrapo ao amin'ity Boriboritany ity, hoy ny mpandrindra ny tanora TIM amin'ny faritra Analamanga, Lalaina Rabezanahary. Nampiavaka izao didimpoitra maimaimpoana faobe teny amin'ny Boriboritany faha-6 izao koa, nanampy ireo dokotera avy amin' ny Kaominina Antananarivo Renivohitra ireo tanora TIM Paramed ao amin'ny Boriboritany faha-6, izay vao nijoro ary ahitana mpikambana miisa 50 eo. Ireo ankizy natao didimpoitra dia tsy nanavahana, avy amin' ireo fokontany mandrafitra ny Boriboritany. Ankoatra ny fanaovana famoron-jaza, hitohy amin' ny hetsika sosialy hafa ny hetsika hataon'ny Boriboritany faha-6 sy ny antoko TIM rehetra eny amin'iny faritra iny.

***Isambilo***

50 taonan'ny FJKM

## Fotoan-dehibe any Toamasina ny 18 aogositra 2018

« Koa aza menatra ny ho vavolombelon'ny Tompontsika », II Timoty 1 : 8a. Io no loha-hevitry ny ivon'ny fankalazana any Toamasina, ny faha-50 taonan'ny fiangonana FJKM sy ny faha-200 taona nidiran'ny LMS (London Missionary Society) teto Madagasikara. Arak'izany, hirohotra ho any Toamasina avokoa ny mpino FJKM manerana ny Nosy ny volana aogositra ho avy izao io, ny 18 aogositra ho avy izao no ivon'izany fankalazana izany. Noho izay antony izay, ny Prezida Synodaly, ny Mpitandrina sy ireo Birao mpiara-miasa aminy avy, dia samy hanentana ny Kristianina ao aminy hamonjy izany ivon'ny Jobilin'ny FJKM sy ny LMS izany, araka izay azo hatao. Ny fotoam-pankalazana dia ny alahady 12 aogositra ka hatramin'ny alahady 19 aogositra 2018 ho avy izao: filaharambe, velakevitra, fanentanana samihafa, fiaraha-misakafo, rantitsary, fitsangatsanganana, fanatanjahantena, ary Fanompoam-pivavahana, no hanamarihana izany fotoan-dehibe izany. Ny fivantanana sy ny fatoriana any Toamasina dia efa nomanin'ny Komity any antoerana ; ho an'ireo Fiangonana Sampana sy Fikambanana maniry horaisin'ny Synodamparitany dia miantso mivantana ireto laharana ireto: 034 14 088 44 (PS) – 034 20 883 11 (KM SP)- 034 45 828 67 (KM SP). Misy fiara iombonana karakarain'ny Komitin'ny Jobily : ny fisoratana anarana dia atao mivantana ao amin' ny Biraon'ny Aroriaka Foibe FJKM- Analakely. Ny sarandàlana dia Ar.55 000 (Dimy Arivo sy Dimy Alina Ariary). Mandroso sy Miverina Toamasina – Antananarivo, Mandroso sy miverina Antetezapasika – Toamasina. Ambonin'io ny fiantohana ny lasantsy. Ny fisoratana anarana momba ny fivahinianana any Toamasina (antsoina mivantana) sy ny fiara Iombonana (Aroriaka FJKM) dia hifarana ny 03 Aogositra 2018 ho avy izao. Hisy ny sakafon-jobily ho an'ny rehetra tonga any Toamasina, ny sabotsy 18 Aogositra, noho izany, tokony hivonona amin' ny fitaovam-pihinana ny rehetra. Ankoatra izany, tokony hivonona amin'ny anjara fandraisan'anjara amin'ny fanorenana ny tsangambato ny rehetra fa tena efa ao anatin'ny famitna na "finition" i izao ny asa; samy hanefa izay inian' ny fony sy ny fitiavany ny tsirairay ary raisina am-pifaliana izay hatolotra ho amin'izany. Hisy ireo kojakoja fahatsiarovana ho enti-mijoro vavolombelon'ny Tompo ao anatin'izao fankalazana izao: boky tantara, ny programa samihafa, ticket sakafon-jobily, tee-shirt, autocollant, casquette… sns. Ho an'ny mila fanazavana fanampiny dia afaka manatona mivantana ny Biraon'ny Aroriaka, ao Ifanomezantsoa Analakely – Foibe FJKM na hiantso ny laharana: Pasteur Randriamisata Roger : 033 09 101 91: tomponandraikitry ny serasera; Pasteur Andriamasinoro Fidimalala : 033 12 395 77- Sekreteran'ny Komity; Pasteur Rabehatonina James : 033 12 352 36 – Filoha Mpanampy ny Komity.

***Isambilo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Mila malina amin'ireo mpanao politika miolakolaka

Mampieritreritra lalina ny mahita sy mandre ireo mpanao politika miolakolaka tsy miteny tsotra fa hirotsaka amin'ny fifidianana filoham-pirenena izay ho tanterahina eto amin'ny firenena. Manao fihetsiketsehana be izy ireo eny amin'ny fahitalavitra tsy miankina samihafa eny tato ho ato, mitondra olona maromaro miara-dia aminy ary miresaka amin'ny mpanao gazety. Dia mandeha eo ny resaka ary tsy maintsy tonga amin'ny hoe : hirotsaka hofidina ve ianao sa tsia ? Ny valinteny ataon'izy ireo matetika dia tsy mivantana mamaly fa miolakolaka. Toy ny nataon'Ingahy Paul Rabary farany teo, ny valin-teniny dia hoe " tsy any aloha no maika na hirotsaka na tsy hirotsaka…", ankoatra ny teny miolakolaka samihafa izay mifono hevitra "hafahafa" sy misy tiana hambara ambadika, fa tsy sahy vantanina. Nahoana no tsy sahy mitsotra milaza ny marina? Olona mahitsy milaza ny marina ny ao am-pony sy ao an-tsainy no ilain'ny vahoaka ankehitriny. Endrika ratsin'ireo mpanao politika ny manafina ny marina tokony ho fanta-bahoaka eto amin'ity firenena ity hatramin'izay, indrindra tao anaty fitondrana Hvm. Niolakaloka mandrakariva ny filohan'ny Repoblika na ireo ekipany rehetra mpiray petsapetsa aminy rehefa anontaniana sy andrasana amin'ny marina amin'ireo toe-draharaha mafampana rehetra. Miseho mitsotra milaza zavatra mivantana izy ireo rehefa miresaka kanefa tsy izany no tena izy ho an'ny mpahalala. Niaraha-nahita ny vokatr'izany fiolakolahana amin'ny firesahana amin'ny vahoaka izany aty aoriana. Nitontongana ny firenena, niha- nahantra ny vahoaka, tsy mfampatoky intsony ny vahoaka sy mpitondra, fahavoazana tsy mitondra tombontsoa ho an'ny vahoaka sy ny firenena ny vokany.

Ny "mahatoky amin'ny kely no mahatoky koa amin'ny be", hoy ny fahendrem-panahy. Raha izao sahady ve dia efa miolakolaka milaza zavatra ireo mpanao politika mety hirotsaka ho kandidà amin'ny fifidianana filoham-pirenena, inona no ho azo antenaina aminy raha izy no eo amin'ny fitondrana? Tsy maintsy hiray kitapo amin'ireo efa namita-bahoaka izy. Ny sahy miteny mahitsy sy marina no olona andrasan'ny vahoaka sy ilainy ka hahatafarina ity firenena ity. Mila mahay manavaka tsara an'ireny ny vahoaka amin'ny fifidianana.

***Sôh'son***

Fampianarana

## Folaka la craie, tapaka tsy misy fianarana e!

Manamafy hatrany ny sendikan'ny mpampianatra eto Madagasikara fa fa mitohy hatrany ny tolona sy ny fitakian'izy ireo. Ho an'ny eto Antananarivo manokana dia eo amin'ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena Anosy hatrany no fotoanan'izy ireo. Anio talata dia amin ny 10 ora maraina no fotoanan'izy ireo. Nambaran'ireto mpanabe ireto fa izy ireo dia tsy hanimba zavatra na hanao sorona ny zaza Malagasy, ka zaza tsy nianatra 3 volana mahery dia hoe ampianarina alatsinainy dia vakansy zoma, satria tsy miova ny Calendrier Scolaire sy ny datim-panadinana. Isika kosa hoy ireo mpanabe ireo ihany dia mangataka ny hamaliana ny fitakiantsika ary hiasa foana na dia vakansy aza raha vao mivoaka izany fitakiana izany. Ny sendika dia manamafy amin'ireo mpanabe namany, hijoro hatrany manoloana ny tsindry mahazo azy ireo. Fantatra fa hisy Ray aman-dreny hanampy an'izy ireo koa amin'ny hetsika ataony.

***Ny Valosoa***



## Ny Valosoa sy hadihady

# Hetra sy fanabeazana : tsy ny fifidianana no hitondra vahaolana

Voasarika sy nanohana ny "hetsika ho an'ny fanavaozana" notarihan'ireo depiote 73 ny sendika maro ary nivondrona tao amin'ny SSM. Rehefa nitsangana ny governemantan'ny marimaritra iraisana ka voatendry ho lehibeny i Ntsay Christian dia nisintaka teny an-kianja ny MAPAR satria Rajoelina Andry no nanolotra azy, ary voatery nanaraka tsy fidiny ireo solombavambahoaka TIM sy tsy miankina na dia tsy nahafa-po tamin'ny ampahany betsaka aza ny fitakiana. Niraraka ny fanakianana nataon'ny olompirenena tsotra izay nanantena fa hizotra any amin'ny tena fanovana ny hetsika. Nandefa ny olony koa ny fitondrana namono afo sy nanely fandemen-tsaina fa hanomana fifidianana no iraka hampanaovina ny governemanta ka tsy tokony hisy fidinana an-dalambe intsony. Rehefa dinihana anefa dia izao fitondrana izao mihitsy no manana tombony amin'ny fanemorana ny fifidianana satria tsapany fa mihena ny heriny noho ny fametraham-pialan'ny mpikambana sasany. Azo lazaina fa tena hampihena ny vokatra ho azon'ny kandidam-panjakana tokoa ny fametraham-pialan'ny minisitry ny fanabeazam-pirenena ao amin'ny HVM satria ity sehatra iray ity no tena misandrahaka manerana ny Nosy amin'ny alàlan'ireo ZAP isaky ny Kaominina sy ny Cisco isaky ny Distrika ary ny DREN isaky ny Faritra. Raha ny fahitana ny fihetsik'ity minisitry ny fanabeazam-pirenena teo aloha ity koa dia mety hirotsaka kandidà ho filoham-pirenena ihany koa izy. Manampy trotraka izany koa ny fitokonana ataon'ny mpampianatra izay mihamafy na dia misy ny ezaka hampizarazara ny mpampianatra aza. Asa koa anefa raha mety hampihemotra ny mpitokona ny fanambaran'ity minisitra nesorina tamin'ny toerany ity fa tsy afaka ary tsy manana ny toebola entina hanomezana fahafahampo ny fitakian'ny mpampianatra, hono, izao fitondrana izao. Etsy an-kilany dia miezaka manery azy ireo hiverina hamonjy ny toeram-piasany ny manam-pahefana. Manahy ny ray aman-dreny amin'ny mety hisian'ny taona fotsy ho an'ireo mpianatra hiatrika fanadinam-panjakana. Tsy tokony hanao fijery mitanila anefa satria mafy dia mafy ny mahazo ireo mpampianatra ireo. Araka izany dia tokony hifanome tànana hanery ny fitondrana hanome fahafaham-po ireo mpanabe ny manan-janaka mianatra rehetra. Mizotra mankany amin'ny fifidianana ihany koa ireo rehetra efa nanambara fa ho kandidà. Heverina izany fa tsy hisy sakana ary tsy hisy antony hanemorana ny datim-pifidianana intsony. Miziriziry amin'ny fitakiany ihany koa ny ao amin'ny fadin-tseranana sy ny hetra. Hampiakatra ny saran-dàlana ny koperativan'ny fitateram-bahoaka eto an-drenivohitra manomboka rahampitso voalohan'ny volana aogositra. Mbola any an-kibon'ny omby aloha izay mety ho fihetsiky ny mpanjifa satria efa tsy zakan'ny vahoaka intsony ny vesatry ny fiakaran'ny vidim-piainana kanefa dia mbola hiampy indray ny fandaniana ara-bola isan-tokatrano. Mety ho pitik'afo hiteraka fipoahana ara-tsosialy ity toe-draharaha ity satria mbola ny fitondrana ihany koa no tsy mahavaha ny olana eo amin'ity sehatra ity. Mahari-pery anefa ny gasy ka mbola mety ho zakany ihany izay fisondrotana ariary zato. Raha ny marina dia manam-bola izao fitondrana izao saingy lanilany foana amin'ny zavatra tsy miterabokatsoa ho an'ny Firenena sy ny olompirenena. Porofon'izany ny fandaniana amina tapitrisa dolara laniana amin'ny fivoahan'ny filohan'ny Repoblika sy ny delegasiona miaraka aminy mankany ivelany izay nifanesisesy tokoa tato ho ato. Na izany na tsy izany dia mbola mikatso ny fampianarana na dia mamoaka tarehi-marika entina hampitoniana ny saim-bahoaka ny fitondrana kanefa ny zava-misy mifanohitra amin'izany, ka vao mainka mampitombo ny tsy fitiavan'ny vahoaka azy. Tsy mahatsiry hiroso amin'ny fifidianana ny eto Madagasikara satria efa vonona hanohana ary mandrisika amin'izany ny vondrona iraisam-pirenena. Tsy misy fifampitokisana anefa eo amin'ny samy politisiana, na dia ireo mpiray antoko aza. Tsy mitsahatra ny fifandrafiana sy ny fifanenjehana ary ny fifamingampinganana eo amin'ireo efa nanambara fa hifanandrina amin'ny fifidianana. Tsy ho toa ny adin'ombilahin'ny mpianakavy ity fifidianana indray mitoraka ity fa ho ady saritaky ny politisiana gasy.

**Andry Tsiavalona**

Nihorin-koditra ny HVM

# Tena tian'ny vahoakan'Alaotra Ravalo

Vao nandalo fotsiny ny Filoha Ravalomanana Marc ny zoma teo dia efa nitsangam-bolo tsy nisy toa izany ny ekipan'ny HVM Alaotra. Nirodorodo nanaradia an'i Dada avokoa ny vahoaka rehetra raha nahita azy nandeha nijery foara Tangorona. Vokany tsy nahita hatao ireto mpomba ny fitondran-dRajaonarimampianina ka dia ny nanao ny sakantsakana rehetra tsy ahafahan'ity farany mitafa amin'ny vahoaka no hany farahery izay tsy nahafaly ny vahoaka izay vory marobe tokoa na dia tsy nisy aza ny filazana mialoha fa ho avy i Dada. Natao avokoa ny tetika rehetra tsy ahafahan-dRavalomanana Marc hitety ny tokontanin'ny foara iray manontolo saingy tsy nahasakana ireo vahoaka liana sy efa dodona ny hitafa taminy izany. Azo hambara fa very lavitra mihitsy ny olona izay tonga nanaraka ireo manampahefana nitsidika ny tranoevan'ny Foara nandritra ny fitokanana ny sabotsy faha-28 jolay na dia nisy aza ny fanentanana izay nampiarahana tamin'ny artista tao amin'io kianja Rasolonjatovo io. Ity fitokanana ity izay ny Filohan'ny Antenimieran-doholona no nitarika izany. Mbola noporofoin'ny vahoakan' Alaotra nandritra iny fandalovan'ny Filoha Ravalomanana Marc iny ny fitiavan'izy ireo azy. Na ireo mpitondra vokatra avy any amin'ny kaominina sy ireo distrika aza faly tsy nisy toa izany raha nahita an'i Dada tonga nijery ny fampirantian'izy ireo. Nifanotofana ihany koa ny tranoeva nisy ny fampirantiana ny vokatry ny orinasa TIKO tao anaty kianja Rasolonjatovo. Tamin'ny ankapobeny, na dia teo aza ny antsojay isankarazany nentina nisakantsakanana ny fandalovan'ny Filoha Ravalomanana Marc dia nilamina tanteraka ny mpomba azy ary samy nahatsapa ny rehetra fa vahoaka mara-dalàna ary hendry ny Zanak'i Dada.



*Tena akaiky ny vahoakan' Alaotra ihany koa i Dada.*

**Raoul**

Depioten' ny Fanovana TIM

# Nitondra ny hafatry ny filoha Ravalomanana tany Soavinandriana

Miezaka manetsika ny eny amin'ny fototra ny avy ao amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), indrindra amin' izao ankatoky ny fifidianana filohan'ny Repoblika izao. Omaly dia nitsidika ny disrikan' i Soavinandriana faritr'Itasy ny solombavambahoakan'ny Fanovàna ao amin'ny antoko Tiako i Madagasikara, notarihin'i Me Hanitra Razafimanantsoa sy ny filohan'ny vondrona parlemantera Tiako i Madagasikara Félix Randriamandimbisoa. Nisy ny hafatra nentin'ireto farany tamin'ny mpikambana TIM tao Soavinandriana notarihin'ny ben'ny tanàna teo aloha Ratafika, avy amin'ny filoha Ravalomanana. I Dada dia ho kandida filohampirenena amin'ny 7 Novambra fa aza misalasala ianareo hoy ny fanambarana. Vonona ny hanavotra ity firenena latsaka anaty kizo ity izy, mbola ho avy eto Soavinandriana ny filoha Marc Ravalomanana amin'ny manaraka hoy ny mpitondra teny tamin'izany. Nanome toky kosa ny ben'ny tanàna teo aloha Ratafika fa vonona amin'ny fampandaniana ny filoha Marc Ravalomanana izy ireo. Maro ny fampandrosoana nentin'i Dada taty amin' ny faritra misy anay, tsy ho hadinon'i Soavinandriana velively izany hoy izy.

**Helisoa**

## NY TENY FIAINANA



***II Korintiana 4:14***

*Fa fantatray fa Izay nanangana an'i Jesosy Tompo no hanangana anay koa miaraka amin'i Jesosy ka hanolotra anay miaraka aminareo.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Ambatondrazaka : miroso hatrany Dada na misy aza ny sakantsakana



**Arp Helisoa :** tsy maintsy miroso hatrany ny filoha Marc Ravalomanana na nisy aza ny sakana tany Ambatondrazaka, nirohotra nanatona azy koa ny vahoaka marobe.

**Malagasy Tia Fihavanana :** hay va re nisy ny fanakanana e ?? tsy menatra mintsy hoa reo nanome baiko reo...

**Randriambahoaka Soanaivo Erik :** tsy ny fositra no tsy ambolem-boavaha, miroso isika mankany amin'ny fandresena.

**Lova Rakotonirina :** f'angaha mbola misy gaigy tsy mahay miaina ihany any ambadika any e!!!volana sisa no hisaina dia ho filoha fara-tampony nge io olona io e!!sao mba ho simba @ tsisy dikany ny retraite zalahy a!!!hihihihi!!! Dada anefa tsy mpamaly faty izany, ny fampandrosoana ny rehetra ihany no zava-dehibe aminy.

**Lova Andrianasolo :** Never give up, tsy mihemotra mihitsy na inon-kidona, na inon-kihatra.

**Sahondra Hanitra Andrianasolo :** hakanosana sy tahotra daholo, ny sasany manao propagande mialohan'ny fotoana tssy manakana, ry Mailhol sy ry Andry, ka ahoana izy no sakanana? Ppff, Dada izany no tena atahoran'izy rehetra matoa sakantsakanana.

**Razery Tant'art :** f'angaha ny Filoha Ravalomanana dahalo fahavalom-pirenena ka tadiavina hampiasana hery ? Maninona ireo tsy any @ tena dahalo no mitsapa ny heriny ? Natao hiaro ny tanindrazana @ fahavalo ato anatiny na ny avy any ivelany ireo fa tsy hiaro mpitondra fotsiny !

**Raozy Gasy Ranja :** Andry TS sahiny a, sa mandoa ekolazy, hita mihitsy hoe ny HVM ihany no MAPAR.

**Hary Harivony :** ka i andry tsy atahorany, Ravalo vao mandalo d tonga ny OLONA tsy mila spectacle fa tonga amin'ny nahim-pony sy ny fitiavany ny olona.

## TONONKALO

### Avelao

Avelao hitety izany vohitra, sy hanesy ny tanàna
ho fanta- bahoaka ilay nitondra fahantrana,
ilay mpanongana mpandroba tena nahavanon-doza no mitsangana
ho namana rehefa naka ny fananana !!!

Ny Andramena tsy misy intsony fa naripaky ry leirony
dia ianao indray no baikony hanandratra azy ho ambony !
Aleo hitoto foana eo fa ny tantara no hitsara,
ny lasa koa tsy fanadino, izay no mba tiako ambara!

***Ramisitery (Jolay 2018)***

AKADEMIA MIARAMILA

## Namoaka manamboninahitra 107 mianadahy

Mitohy ny famoahana manamboninahitra eo anivon'ny Foloalindahy eto Madagasikara, hanatevina ireo efa ao anatin'izany tafika izany ka mpianatra ho manamboninahitra miisa 107, avy tamina andiany niisa 3 no indray navoakan'ny Akademia Miaramila Antsirabe ny faran'ny herinandro teo dia ny andiany mivantana faha-39, nisalotra ny anarana "Haja", ny andiany iraisam-piadiana faha-20, nisalotra ny anarana "Fivoy" ary ny andiany manokana faha-24 nisalotra ny anarana "Raitra". Ny kaomandin'ny sekoly ny Jeneraly Ramasy Razafindratovo Heritiana no nitarika ny lanonana, notronin'ny Filohan'ny Repoblika sy ny Minisitry ny fiarovam-pirenena. Nandritra ity lanonana ara-miaramila ity no nitsofan-drano io andiany faha-24 io sy ny famindrana ny sabatra ho an'ireo andiany faha-40 ary ny famindrana ny fanevan'ny sekoly ho an' ireo zandry andiany faha-40 ihany koa. Nisy ny matso toy ny mahazatra namaranana ny hetsika. Fa nandritra ity hetsika famoahana manamboninahitra ity ihany koa dia fotodrafitrasa maromaro no notokanana sy navaozina tao amin'ny sekoly Akademia Miaramila Antsirabe ny faran'ny herinandro teo, nandritra ny Fandresena 2018. Isan'izany ny lalana mihazo ny kianjan'ny Fandresena, izay nohavaozina tanteraka. Teo ihany koa ny fanatsarana ny manodidina ny toeram-panaovana fanatanjahantena ho lasa "Complexe Sportif", nampitondraina ny anaran'ny Kolonely Rabetrano Laurent Jocelyn Honoré, izay efa kaomandin'ny Akademia ny taona 1975-1978. Isan'ny fanavaozana goavana tamin'izany ny manodidina ny kianja izay natao nanaram-penitra tanteraka, nampiasana ireny fihazakazahana raitra dia raitra ireny, ankoatry ny fanavaozana ny kianjan'ny Basket sy ny volley. Fa ankoatra izay dia notokanana tamin'ny fomba ofisialy ihany koa ny tranom-bakoky ny Akademia Miaramila, nampirantiana ny tantaran'ny sekoly, nandritra izay 50 taona nijoroany izay. Tafiditra hatrany amin'ny fanavaozana sy fanatsarana ny fotodrafitrasa hiofanan'ireo mpianatra ho manamboninahitra izao hetsika izao ny ho tsangambaton'ny faha-50 taonan'ny sekoly ihany koa. Mbola mitohy ny fanavaozana ny fotodrafitrasa ao amin'ity sekolin'ny manamboninahitra ity, izay hiantsoana ny rehetra fifanomezan-tanana, hoy hatrany ny kaomandin' ny sekoly.



*Ny matso nandritra ny lanonana Fandresena 2018, tao amin'ny Akademia Miaramila Antsirabe.*

**Lezama**

Vakinankaratra

## Niova mpitantana ny polisim-pirenena

Niova indray ny fitantanana ny Sampandraharaham-paritry ny filaminana anatiny eto Vakinankaratra nanomboka tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo. Nandray ny asany nanomboka ny faran'ny herinandro teo mantsy ny Kaomisera Rafalimanana Alain Adonis, izay avy teto Antsirabe no voatedry tany amin'ny boriboritany faharoa tany Antananarivo ary dia izao voatendry ho Talem-paritry ny filaminana anatiny eto Vakinankaratra izao indray manomboka izao, nandimby ny Contrôleur Général de police Ramilison Céléstin, izay nitantana izany nandritra ny herin-taona mahery teo. Ny Tale jeneralin'ny polisim-pirenena no nitarika ny lanonana tsotra nanaovana ny famindram-pahefana, notronin'ireo manamboninahitra maro teo anivon'ny polisim-pirenena. Nasongadin'ny Talem-paritra vaovao fa hijoro hiady amin'ny kolikoly ny tenany manoloana ny fitarainana marobe voarainy ary hampiakatra ny fifampitokisan'ny vahoaka sy ny polisim-pirenena ny tenany amin'ny alalan'ny fametrahana ny atao hoe "Police de Proximité ". Tsy vaovao amin'ny tanànan'Antsirabe ity tompon'andraikitra ity satria efa nisahana andraikitra teto ihany izy teo aloha ary izay voatendry eto izao indray. Fantatra ihany koa fa efa an-dalana ny fanorenana ny biraon'ny kaomisaria ao Mandoto amin'izao fotoana ary tsy ho ela dia hisokatra izany. Marihina fa ity distrika ity sisa no tsy mbola manana kaomisaria eto Vakinankaratra, ankoatra an'Antsirabe faharoa izay tsy mbola lavitra loatra an'Antsirabe.



*Ny tompon'andraikitra vaovaon'ny polisim-pirenena any Vakinankaratra.*

**Solohery**

## Nankalaza ny androm-paritry ny fahasalamana andiany faha-6

Isan'ny hetsika ara-pahasalamana iray mampiavaka ny faritra Vakinankaratra ny "Andron' ny fahasalam-bahoaka", izay natokan'ny foibem-paritry ny fahasalamana ao an-toerana hanampiana ireo rehetra mila izany, satria dia maimaimpoana avokoa ny tolotra amin'io andro iray io. Niditra tamin'ny andiany faha 6 ankehitriny io Androm-paritry ny Fahasalamana fanaon'ny foibem-paritry ny fahasalamam-bahoaka eto Vakinankaratra io ny faran' ny herinandro teo, ary dia tonga nanotrona izany ny Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka, ny Pr Rantomalala Harinirina Yöel. Lohahevitra nanaovana ny hetsika tamin'ity andiany ity dia ny hoe : "Fianakaviana salama, mitsinjo ny ho avy". Maro araka izany ny tolotra natao maimaimpoana ka raha ny didimpoitra dia niisa 200 ireo ankizy nisitraka izany, teo ihany koa ny fitiliana ireo aretina toy ny VIH-SIDA, ny Diabeta, ny fanesorana nisy sy ireo maro hafa ary ny fanomezan-drà maimaimpoana. Nambaran'ny Minisitry ny fahasalamana, ny Pr Rantomalala Harinirina Yöel fa i Vakinankaratra irery hatreto no manao ity hetsika ity manerana an'i Madagasikara, izay nisaorany ireo tompon'andraikitra izany ary nanaovany antso avo ho an'ireo faritra hafa ihany koa mba hanao toa izany satria tsy misy handoavam-bola avokoa ny hetsika nandritra io andro io, toy ny didimpoitra sy ireo fitiliana rehetra izany, eny hatramin'ny fanafody nozaraina ho an'izay nila izany. Nanome ohatra tamin'ny fanomezan-drà ny minisitra tamin'ity hetsika ity. Fa ankoatra izay dia fantatra fa ny Distrikan'i Faratsiho no hisantarana ilay hetsika fahasalamana ho an'ny daholobe, izay nosantarin'ny filoham-pirenena tany Mahanoro. Ity hetsika ity dia ny fanaovan'ny tsirairay latsak' emboka eny anivon'ny toeram-pitsaboana an'ny fanjakana ka mba ho fiahiana ny fahasalama ho an'ny daholobe.

**Lezama**

## Sakafo Ny Valosoa



Saosisy sy soflera indray no laoka amin'ny sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Mety avokoa na saosisy vita amin'ny henakisoa io, na soasisy vita amin'ny henomby. Tsara raha hasiana ro matsatso anana hampiarahana aminy. Dia mihinàna finaritra tompoko.

### NY VALOSOA sy Mahavariana

## Ny soa azo avy amin'ny rano mafana sy voasarimkirana

Ny soa azo avy amin'ny rano mafana sy voasarimakirana indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ny ranona voasarimakirana amin'ny rano mafana dia mamono ireo sela tratra ny homamiadana. Ny voasarimakirana mafana dia lasa rano alkaline, miaro amin'ny homamiadana, mamono ireo sela marary fa tsy mikitika kosa ireo sela salama. Afaka mandrindra ny tosi-drà koa izany ranona voasarimakirana mafana izany, mandrindra ny fikorinan'ny rà.



### NY VALOSOA sy Mahavariana

## Ny tanànan'i Tsiroanomandidy renivohitry ny faritra Bongolava

Ny tanànan'i Tsiroanomandidy renivohitry ny faritra Bongolava indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-drenivohitra ity tanàna ity. Any amin'ny 219 km andrefan'Antananarivo no misy an'i Tsiroanomandidy, mihazo ny RN1 na ny lalampirenena voalohany no mandeha mankany, lalana izay voarakotra tara. Tsenan'omby faharoa lehibe eto Madagasikara i Tsiroanomandidy, ao aorian'ny tsenan'ombin'Ambalavao. Lalan-tany no mihazo an'i Maintirano faritr'i Melaky avy eo Tsiroanomandidy.



## Amosa 3: 7

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, 22 jolay 2018

Amosa 3: 7 : "**Fa tsy hanao na inona na inona tokoa IZAHO JEHOVAH TOMPO raha tsy milaza ny hevitro amin'ny mpaminany mpanompoko.**"

Ho anareo indrindra izao hafatra fananarana izao ry mponin'ny tany tsy ankanavaka. Fomba hatrany am-piandohana ka tsy miova. Halanareo ny fampiasako mpaminany, fa AMIKO JEHOVAH dia Fahamarinana. Miezaka ianareo olombelona hanafoana ny FOMBAKO fa izao: raha IZAHO ianareo miverina ihany. Tsy misy FITSAHARANA ao amin'izay heverinareo ary tsy misy FIADANANA ao amin'izay katsahinareo. Mihainoa AHY ao amin'ny mpaminany ianareo fa ireny no FITAOVAKO hamerina anareo ao amin'ny FAHAMARINANA sy FITIAVANA ary FAMONJENA. Moa ve raha izao zava-misy ambany masoandro izao tsy tokony efa mahalala ny tsirairay fa tsy misy vahaolana mihitsy? Izany no antony idirako an-tsehatra fandrao dia mandà ny HERIKO ianareo ka ho lany ringana. Aza hadinonao izay monina amin'ny tany na odianao tsy fantatra fa misy valiny avokoa izay ataonareo zanak'olombelona na tsara izany na ratsy izany. Izany indrindra no anoratako aminareo ankehitriny fa mbola tsy tara. Toy izao anefa ny zava-misy izay tsy miova. Raha nampiasa mpaminany AHO JEHOVAH tany aloha ary nampitandrina amin'ny loza ho avy dia niavonavona hatrany ny olona. Hoy ny teny (Jeremia 13: 9). Indro AHO JEHOVAH nampiasa mpaminany mandrakariva mba ho fantatry ny olona izay tokony hizorany. Isaia 13: 6. Tahaka ny loza tsy toha avy amin'ny TSITOHA no fiaviny, hiraviravy tanana ny rehetra, kivy ny fony, ary ho tora-kovitra izy (Babylona io). Isaia 15: 1, Tamin'ny indray alina no nadravana an'I Ar-Moaba, toy izany koa I Kira-Moaba. Isaia 17: 1, indro Damaskosy dia rava tsy ho tanàna intsony. Efa tonga korotam-bato izy. Fahitana teo amin'ny lohasaha. Isaia 22: 14. Tsy avela mihitsy ambara-pahafatinareo izao helokareo izao: Teniko JEHOVAH izany, mba hialana amin'ny FAHARATSIANA. Ny loza nanjo an'I Tyro, Isaia 23: 14, midradradradrà ianareo ry sambon'I Tarsisy o! fa rava ny fiarovana mafy. IZAHO JEHOVAH no miteny fa tsy olombelona. Isaia 24: 3-5. Hatao foana dia foana ny tany ary ho baboina tokoa izy (fanamboarana izany). Misaona sy malazo ny tany, milofika izao tontolo izao, indrindra fa izay lehibe amin'ny olona eo aminy, nandika ny lalàna sy nanota ny didy izay sady nivadika ny fanekena mandrakizay. Ireo zava-misy ireo dia tany amin'ny testamenta taloha ary voarakitra sy voasoratra. Maro fa santionany ihany ireo isarihako ny sainareo mpamaky hoe : TSY MIOVA AHO; Amosa 4: 11. Efa rava Sodoma sy Gomora, tahaka ny forohana nosarihana tamin'ny afo fa e! e! e! mbola tsy niverina TAMIKO JEHOVAH ihany ianareo. Amin'izao andro farany izao, hoy ny teny, Efesiana 5: 16, Koa hararaoty ny andro azo anaovan-tsoa fa ratsy izao fiainana izao. Na inona na inona na ahoana na ahoana dia izao : miharatsy ny fiainanareo zanak'olombelona ka tery AHO JEHOVAH hilaza aminareo, mampiomana toy ny teo aloha ihany. Rehefa nandinika AHO ka nijery dia mananontanona ny tany ny loza no misy Fahamarinana efa manangasanga koa noho ireto zava-misy mifanohitra amin'ny FAHAMARINAKO, ny FAHAMASINAKO ary ny FANDIKANA ireo LALANA sy FITSIPIKA maro. Misy karazana FIAINANA ilonan'ny zanak' olombelona kanefa sady tsy mahasoa azy no mandringana azy ary indrindra tsy manome fiadanana fa mahavery any amin'ny "HELO".Inona avy ary izy izany? Ary isam-pirenena izy ireo kanefa tsy handraisana VOKATSOA fa VOKADRATSY no tambiny, toy ireo firenena tany aloha ihany.

Raha misy firenena matoky olombelona sy mihaino hevitr'olona, izay midika fa tsy misy AHO JEHOVAH Mpamorona Izay azo antsoina, azo ianteherana amin'ny zavatra rehetra, ny fiafaran'izany firenena izany dia ho takona aminy tanteraka ny FAHAMARINANA ka dia ho baboin'ny firenen-kafa ny harenany, ny olony ka dia hanjakan'ny ady an-trano tsy manam-pahataperana, ady sy fahariganana amin'ny lafiny rehetra, ifandimbiasan'ny hatsiaka sy hafanana tsy zaka iainana.

Raha misy firenena feno LATSA-DRA : tsy zakan'ny tany ny latsa-drà, mitaraina mandrakariva aty AMIKO izy, izay mbola manam-pofon'aina tsy mahatoetra amin'ny tany feno latsa-drà. Ho lao izany firenena izany ary tsy mahavokatra ny taniny nohon'ny rà mamonto azy, mampakatra hafanana tafahoatra tsy azo iainana ny rà mafana nalatsaka amin'ny tany. Mifanohitra ny fofon'Aiko JEHOVAH ao amin'ny olona sy ny rà mamonto ny tany, tsy afaka miara-monina ireo. Mampiala ny velona izany zava-misy izany. Tsy zakan'ny fanahy;

Raha misy firenena manao ny volany ho mpamonjiny, manao ny fahaizany ho mpanjakany ary miantehitra amin'ny harenany sy ny tanjany, mitady laza sy voninahitra. Miteraka OZONA ny mitoky amin-javatra toy izany, tsy mino ny Mpamorona azy. Miteraka FILÀNA sy mamorona fiainana ipetrahan'ny fony sy ny fitiavany ka VARIANA, mitoky amin'ny sainy sady maka toro hevitra amin'ny asan'ny tanany ka takona aminy AHO JEHOVAH. Indro mivadika izay itokiany ka mandringana izany firenena izany ao anatin'ny indray mipi-maso. Loza re izany! Raha misy firenena be ady hevitra, manana andriamanin-kafa, tsy mety mifanaratsaina ny mponina ao aminy, tsy mba tia firaha-miasa amin'ny hafa, indrindra manilika izay tsy mitovy aminy, miseho hoe mahavita tena, mampahantra ny hafa, mitsetsitra sy manambaka ny hafa. Izany fihetsika izany dia tsy zakan'ireto natiora natao hifamelona amin'ny zanak'olombelona ireto : afo, rano, rivotra, tany. Ny fahatezeran'ireo no mifandimby miseho amin'izany firenena izany ka tsy misy vahaolana mihitsy.

Ny zava-hitranga izay iraisan'ny firenena maneran-tany dia ny FAHAVEREZAN-KEVITRA MAFY : harin-karena mikorontana, fifandimbisam-pahefana tsy eken'ny olona, adin'ny firenena matanjaka, adimpoko, ady an-trano, fisaraham-bazan'izay efa mikambana, toe-karena rava, fitakiana fizakan-tena, leo politika ny olona ka hifanondrotondro, tsy manaiky fandaminana sy programa intsony ny olom-pirenena maro, mitaky zava-baovao, tsy mifampatoky toy ny teo aloha intsony ny firenena samy firenena, tsy manaiky fitondrana antery sy an-kolaka intsony ny olom-pirenena maneran-tany, mahatsiaro maty antoka ny ankolafy miaina rehetra. Indro manomboka eo amin'ny tany misy ny zanak'olombelona fa miharihary ny fiainana tsy rariny, satria efa navoaka ny bolantany hamboatra zavatra maro, Hafatra nivoaka gezety Ny Valosoa Vaovao laharana 8. Tahaka ny nampiasako ny tany aloha ihany izao mpaminany fitaovako izao. Mba vakio ihany.

Amen!

HALELOIA! JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

(mbola hitohy)

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao : mivoaka Talata sy Asabotsy

## Boriboritany faha-2 (CUA)

# Nanatanteraka didimpoitra maimaimpoana faobe koa

Ankizy miisa 50 no natao didimpoitra maimaimpoana faobe ny sabotsy teo, izay notontosaina tetsy amin'ny Boriboritany faha-2 Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), tetsy Ambanidia. 2 taona ny zandriny indrindra ary 6 taona no zokiny tamin' izany, izay nisitraka fandidiana maimaimpoana avy ao amin'ny boriboritany faharoa, ankizy avy amin'ireo fokontany 24 ao amin'ny Boriboritany faha-2. Nanokatra ny hetsika sy nitarika izany ny Delegen'ny Boriboritany faharoa, Razafindraibe Jacques sy ireo Mpanolotsain'ny Tanànan'Antananarivo avy ao amin'ny boriboritany faharoa ary ireo mpiara-miasa aminy. Ny tanjona amin'izao hetsika izao hoy ny Delege dia ny fitsijovana sy ny fanalana ny fahasahiranan'ny vahoaka ary tsy misy resaka politika izao hetsika izao ,fa ny fijerena ny sosialim-bahoaka no laharam-pahamehana araka ny vinan'i Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana hoy izy. Nisy ny kilalao, malabary, ranomboakazo, ary fanomezana samihafa izay nomena an'ireo ankizy tsirairay avy vita didimpoitra avy ao amin'ny boriboritany ireo. Dokotera 2 avy ao amin'ny « Centre Siloama » Anjohy miaraka amin'ny ekipan'ny CSBII Volosarika no nanatanteraka ny fandidiana ireo ankizy. Ezaka avy ao amin'ny boriboritany faharoa no nanatontosaina ny hetsika ary nisy koa ireo tohana avy amin'ny olona malala-tanana. Araka izany dia nanome fankasitrahana feno ny ekipan'ny boriboritany faharoa ireo Mpanolotsainan'ny Tanànan'Antananarivo voafidy tao amin'ny boriboritany faharoa, izay nanampy tamin'ny ho enti-manana tamin'izao hetsika izao, tsy diso anjara tamin'izany koa ireo Orinasa nanohana ny hetsika, toy ny : Mellis Distribution, MADASOPHAR, Pharmacie Hanitra Ambanidia, JUMBO SCORE, TOTAL Fierenana, BOA Ambanidia sy ny mpiara miasa rehetra…

***Aly***

## Boriboritany faha-3 (CUA)

# Nanadio sy nanamboatra ny lalana tetsy Tsiazotafo

Niroso tamin'ny fandaminana sy ny fanadiovana tetsy Tsiazotafo ny avy ao amin'ny boriboritany fahatelo Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ny herinandro teo, izay notarihan'ny Delegen'ny Boriboritany fahatelo Rado Andriamamonjisoa. Nanadio ny lalana ary nanasa ny toerana sy nanambotra ireo arabe feno lavadavaka ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Teo koa ny fandaminana ny "parking" teny an-toerana amin'ny fampahafantarana ireo olona manodidina sy ny tranombarotra ny toerana azo ipetrahan'ny fiara sy ny tsy azo. Ny tanjona amin'izao fanadiovana sy fandaminana izao dia hametraka toerana milamina sy madio sy vahaolana haingana satria hita fa tena tsy mendrika izany ny teo aloha nohon'ny fisian'ireo mpivarotra hanimasaka izay mandoto ny tanàna sy fiara mibahan-dalana avy eo amin'ny Tranombarotra "Irresistible" Soarano mihazo ny TOTAL Tsiazotafo iny. Araka ny toromariky ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana ihany koa, ny tanjona dia "Tanana madio milamina hapetraka araka ny tokony ho izy". Nanambara ny Delegen'ny Boriboritany fahatelo fa manomboka tamin'io fotoana io dia ho tazonina ny filaminana sy ny fahadiovana ary mihàtra amin'izay ny sazy ho an'ireo fiara tsy manara-dalàna sy ireo mpivarotra mbola minia mivarotra amoron-dalana. Ny fampidirana "fourriérè" ny fiara ary ny fandraofana ny entan'ny mpivarotra miaraka amin'ny sazy aloany. Tonga nandray anjara tamin'ny fandaminana ny ekipan'ny boriboritany fahatelo sy voalohany , ny Polisy Monisipaly, ny Mpamonjy voina sy ny departemanta misahana ny asa vaventy avy ao amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ny departemanta misahana ny fitaterana, ny "intendance" avy ao amin'ny lapan'ny Tanàna Analakely.

***Aly***

## Fanabeazana politika

# Voambolana politika Frantsay- Malagasy

**Judiciaire** : Mifandraika amin' ny fitsarana.
**Jure (de)** : miniana
**Juridiction** : Teny mitovy dika amin'ny tribonaly.
**Kleptocratie** : teny avy amin'ny teny grika fahiny Kleptos sy Krasos midika hoe fanjakan'ny mpangalatra. Fomba itenenana ny momba ny fanjakana izay manana mpitondra mampihàtra ny kolikoly sy ny halatra maro samihafa toy ny famotsiambola. Teny vao nampiasain'i Patrick Meney itoriana ny fanjakana rosiana tamin'ny andron'i Boris Eltsine. Teny entina ilazana koa ny mpitondra mahazo volabe avy amin'ny fanodinkodinana ny volam-panjakana.
**KMF/CNOE** : komity mpanaramaso ny fifidianana.
**Laicité** : Laisite. Firehankevitra mampisaraka ny Fiangonana sy ny fanjakana araka ny lalàna frantsay tamin'ny 1905. Tsy azon'ny fanjakana ny mitsabaka any amin'ny raharaham-piangonana ary tsy azon'ny fiangonana atao ny miditra any amin'ny asam-panjakana. Araka izany dia manaja tanteraka ny fahafahan'ny olom-pirenena hifidy ny fivavahany na ny tsy hanaraka ny fivavahana. Ny fanjakana dia tsy miandany amina fivavahana misy eo amin'ny firenena. Tsy azo atao koa no mampianatra fivavahana any an-tsekolim-panjakana. Tsy mitovy ny fampihàrana ny laisite any Amerika sy any frantsa ary ny eto Madagasikara.
**Légalité** : manara-dalàna.
**Législation** : fitambaran'ny lalàna.
**Légitimité** : 1) teny avy amin'ny teny latina legere izay midika lalàna. Fomba ilazana ny manaraka lalàna.2) Amin'ny pôlitika dia midika ny fahazoana fanohanam-bahoaka sady manara-dalàna.
**Libéralisme** : firehankevitra pôlitika manome vahana sy fahalalahana ny tsena sy ny fivezivezen'ny entana sy ny vokatra.
**Liberté d'expression** : fahafahana miteny.
**Liberté d'opinion** : maneho ankalalahana ny hevitra.
**Liberté de presse** : fahafahan'ny asa fanaovan-gazety manoratra sy miteny. Izany fahafahana izany anefa dia tsy maintsy manaraka ny lalàna.
**Liberté syndicale** : fahafahana Sendikaly. Fahafahan'ny mpiasa mivondrona sy mitaky ny zony.
**Libertés économiques** : fahafahana manao hetsika ekonomika.

***Fetra Ramamonjy***

RAHARAHA KRAOMA ANDRIAMENA

## Jiolahy miisa 7 no efa voasambotry ny zandary, vehivavy ny 3

Momba ny raharaha fakana an-keriny tany amin'ny orinasa Kraoma tany Andriamena distrika Tsaratanana, olona miisa 7 tamin'ny tambazotra amin'ny fakana an-keriny tany an-toerana no efa voasambotra hatramin'izao ka vehivavy ny 3, voasambotry ny zandarimariam-pirenena any amin'iny faritra iny. Isan'ireo nanafina an'ireo lehilahy 4 nalaina an-keriny izy ireo, nisy koa ny mpanome sakafo sy fahana hiantsoana amin'ny finday nitakiana vola. Mbola mitohy ny fanenjehana ireo nitam-basy nirahina naka an-keriny. Ankoatra izany, mbola any amin'iny distrikan'i Tsaratanana iny ihany momba ny raharaha fakana an-keriny zazavavy 16 taona tao Tsaratanana. Vehivavy misa roa no efa voasambotry ny zandary avy ao amin'ny sampana fikarohana heloka bevava Mahajanga, izay nidina ifotony nanao ny fikarohana ireo jiolahy naka an-keriny. Nandray anjara mivantana tamin'ny fakana an-keriny ny alahady 22 jolay 2018 lasa teo niaraka tamin'ny lehilahy roa hafa ny iray tamin'izy ireo. Ny findain'ilay vehivavy iray hafa kosa no nahasaronana azy ireo noho ny sms nifanaovany, ity farany no mpanome vaovao ireo mpaka an-keriny. Mbola karohana kosa ireo roalahy hafa namany.

***Ny Valosoa***

Tranga

## Tovovavy kely 12 taona novonoin'ny rainy, torana 24 ora

Esokaka Faradofay, tovovavy kely vao 12 taona monja no tratran'ny rainy niaraka tamina ankizy namany. Vao nahita an'izany ny rain' ilay kalakaly, tezitra ary nanamparany ny ainy tamin'ny daroka ity menaky ny ainy. Vokany, torana tsy nahatsiaro tena nandritra ny 24 ora ilay zazavavy kely. Ny faran'ny herinandro iny no nitrangan'izany raharaha mampalahelo izany. Nentina tao amin'ny hopitaly CHRR Amboanato izy vao nahatsiro tena. Nohararaotina ny vokatry ny fiadian'izy ireo tao antrano. Miandry ny vokatry ny fitiliana nataon'ny dokotera mpitsabo sy izay havoakan'ny ampitso ny momba ity raharaha ity.

***Mangarahara***

Alaotra

## Miaina ao anaty tsy fandriampahalemana ny vahoaka

Misesy lany ny fandravana ataon'ny jiolahy amin'izao fotoana izao izay arahina herisetra sy vono olona mihitsy amin'ny toerana sasany aty amin'ny faritra Alaotra. Hatramin'ny renivohitry ny faritra Alaotra Mangoro avy no efa handihizan'izy ireo amin'izao fotoana izao. Mitaintaina lava araka izany indrindra fa ireo mpandraharaha aty an-toerana noho io antony io. Isan'ny nampitsangam-bolo ny rehetra ny herisetra goavana nihâtra tamina fianakaviana iray tao amin'ny fokontany Feramanga avaratra kaominina Ambohiboromanga distrikan'Ambatondrazaka farany teo. Olona efatra no indray maty novonoin'ny jiolahy izay mpianakavy avokoa. Notetezin'ireo jiolahy avokoa tao anatin'ny indray alina ny tokantrano nisy azy ireo ka maty tamin'izany ny mpirahalahy sy ny ray aman-drenin'izy ireo. Novetavetaina kosa ny vehivavy roa rehefa avy nentina nitety namoahana ireo tokantrano nisy ireo ray aman-dreninin'izy ireo sy nangalana ny basy tamina tokantrano iray tao an-tanàna ihany. Vaky taraina toa izany ihany koa ny ao Anosindrafilo ao satria saika matetim-pihavy ny fanafihana mitam-piadiana ataon'ireo jiolahy ao an-toerana. Ity fokontany ity izay tafiditra ao anatin'ny kaominina Ambatondrazaka renivohitra. Na dia miezaka ny manao andrimasom-pokonolona aza ny vahoaka dia hita ho tsy mahasehaka ireo jiolahy izany noho ny fitaovana tsy mitovy. Manao antso avo araka izany ny mponina satria hita ho zary lasa tranga iray mampiraviravy tanana azy ireo eo amin'ny seha-piharina ny zavamisy mahakasika ny tsy fisian'ny fandriampahalemana amin'izao fotoana izao. Ny Ben'ny tanànan' Ambatosoratra izay kaominina tafiditra ao anatin'ny distrikan'Ambatondrazaka dia vaky taraina mihitsy fa mateti-pihavy loatra ny asan-dahalo ao amin'izy ireo ary misy toerana izay efa tafalatsaka ao anaty faritra mena mihitsy izay nambarany fa lalan'ny dahalo ao amin'izy ireo amin' izao fotoana izao. Lasa izahay Ben'ny tanàna no mahazo loza amin'ny vahoaka fa tsy mandray andraikitra hoy izy kanefa izahay aza tsy manana fitaovana ho entina miady amin'izany fa ny hany azonay atao dia ny manao tatitra sy ny manoro hevitra ny vahoaka amin'ny fomba hiarovantena amin'ny alalan'ny fiaraisankina.

***Raoul***

Ambatondrazaka

## Nanjaka ny mpangaro-paosy nandritry ny foara

Vokatry ny fisisihana dia betsaka no lasibatry ny mpangarom-paosy ny mpamonjy foara teto Ambatondrazaka. Maro tamin'ireo olona namonjy foara no nitaraina ho very finday sy vola. Nambaran'ireo mpivarotra izay efa zatra mitondra varotra fa tonga namonjy foara hatramin'ireo mpangarom-paosy avy any Antananarivo, izay nampy isa ny avy aty an-toerana, izay nahatonga ity asa ratsy ity ho nirongatra. Nifangaro tao avokoa ny fandidiana poketra sy ny fangaronana paosy ary teo ihany koa ny fanendahana ireo izay mamo ka tratra alina. Na dia nifanaretsaka aza ny mpitandro filaminana dia hita ho tsy nahasehaka ireo toerana tena betsaka olona izany. Ny taty ivelan'ny kianja Rasolonjatovo sy ny teo amin'ny vavahadin'ny kianja no tena hita ho nanararaotan'ireo tontakelin'ny tsena ireo. Nampihena ny vola tokony hiditra tamin'ny mpivarotra izany rehetra izany ka nahatonga ireto farany ho velon-taraina tamin'ny tsy fisian'ny tsena.

***Raoul***

## Taratasin'ny mpamaky

Ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao izao fitarainana manaraka izao. Omaly tamin'ny fito latsaka fahefany taxibe 154 mitondra ny laharana 0127 TBD avy any Tanjombato ho any Amboditsiry no tokony ho lalany, nony tonga teo Anjanahary anefa dia hoe ho any amin'ny METEO ny lalany ary any ny farany. Tsy nanaiky izany ireo olona tao anaty fiara nefa avo vava be avy hatrany ny receveur, fa ataovy izay ataonareo ary eto any amin'ny METEO izay tsy miala eo. Nijanona tsy tamin'ny arrêt teo Anjanahary ny fiara ary niteny ilay mpamily fa eto no farany, tsy niala ireo olona fa nangataka hafindra na hamerenana ny vola naloany saingy havonavona, ompa, fandrahonana no nataon'ilay receveur. Niteny azy aho ny tokony hanajany ny asany sy hanarahany ny lalàna ny amin'izany, saingy hoy izy ireo hoe ataovy izay ataonareo fa «henjana» no tompon'ity fiara ity ary na hitory aiza na aiza tsy hahavoa azy, fa izy no tompon'ny fitsarana. Hay ve rehefa «henjana» izany dia afaka tsy manaradalàna na ny mpiasany aza ary rehefa «tompon'ny fitsarana» dia afaka manao izay tiany. Ho arahiko ny antana-tohatra rehetra amin'ny fitoriana io fiara 0127 TBD io ary asa koa izany izay hahazo ahy aorian'ity publication ity fa «henjana» sy «tompon'ny fitsarana» no resahana eto. Averiko foana fa RAVAO io rafitra hitantanana ny fitaterana eto an-drenivohitra io fa mampanjaka ny gaboraraka dia ampiako koa ankehitriny hoe sokafy ny fahazoan-dalana hanao io fihariana io amin'ny endriny vaovao.

***Jerry Rakotoarijaona***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

Fivarotana nampidi-kizo

## Rava daholo izay vola nampidirina tao

***Hafa raha samy hafa indray ity nahazo ilay mpivarotra mipetraka eto Antananarivo ity. Sasatry ny mampiasa vola sy mindrambola mba hampiasaina mantsy izy mivady, fa rava sy fongana daholo izay vola miditra ao. Rehefa tsy valian'ny olona ny trosa, dia na potika sy lo ny entana, na very sy tsy averin'ny olona ny vidiny. Dia izay foana no nahazo azy mivady ireto raha tsy nanatona teny amin'i Madame Noelah tamin'ny 03313 090 13 sy ny 03461 328 62 ary ny 03260 479 94 mpitsabo eny amin'ny 67 Ha atsimo eto Antananarivo.***

Zao mantsy no fandehan'ny tantara: manana fivarotana roa izy ireo ary manana mpiasa mivarotra ankoatra an'izy mivady. Mandeha be ny tsena teo aloha satria nahavidy entana sy zavatra samihafa, voaloa avokoa ny karaman'ny mpiasa ary mbola nampiasa vola tamin'olona ivelany aza. Tsy vitan'izany, fa izay mila vonjy sy mitady fanampiana ao amin'izy mivady dia mahazo izay tadiaviny avokoa. Tsara fidiram-bola rahateo izy roa ka tsy nisy olana na zaza mianatra, na adidy samihafa, na famonjena olona sns… Tsy nisy naha-ory azy roa mihitsy aloha. Tampoka teo anefa, dia somary nikorosy fahana ny tsena, nanjary nidiran-trosa izy mivady ka ny eo tsy lasa, ny eo nampidirina ihany. Tsy mbola vitan'izay, fa izay entam-barotra dia na simba sy lo, na valian'ny olona ny vidiny, na very tsy hita fotsiny izao, ka ady sy saritaka foana no nitranga tao anatin'ny volana vitsivitsy. Nanomboka nikorontana izy mianakavy satria nanjary narary ramatoa, rangahy lasa nivarilavo ary tsy voafehin'ireo zanany intsony ny tsena fa gaboraraka tanteraka. Teo no nisy olona tsara sitrapo nahita ny fahavoazany ka nanoro azy an'i Madame Noelah mpitsabo ka teo vao nivaha ny olana.

**Bekorontana sy fandraraka no nahazo azy mianakavy**

Vao nihaona izy telo mianaka dia nambaran'ilay mpitsabo fa mosavy io mahazo azy io ary samy izy mpivarotra ihany no nifampialona ka mosavy no niafarany satria tsy zakan'ny teo akaikiny ny mahita ny tsenan'izy roa mandeha be, nefa ny azy zara raha misy mividy. Averintsika ny tsenanareo hoy ilay mpitsabo ka taorian'ny vavaka nataony, dia nampitondrainy rano manokana narahina fombafomba fanadiovana sy famerenan-doha ny hasin'ny tsena izy roa. Tsy vitan'izany, fa mbola nodiovina ihany koa izy ireo satria nolotoin'ny mpamosavy ny tsenany. Mody ianareo hoy izy, tanteraho ny voalazako ary manàna finoana dia ho hitanareo ny fivoarana. Vao tafody fotsiny anefa izy mivady ka nanatanteraka izay voalaza dia niova ny rasa. Ireo olona nananan-trosa, avy hatrany dia namerina, ireo mpialona sy saika hanapotika, tonga nifona sy niala tsiny ary nifandray tsara indray, ireo iraka nasaina nanao ilay fanafody ratsy, nanjary nifona sy nandohalika tamin'izy roa. Taorian'izay dia niverina daholo ny trosa, ny varotra niverina nandeha ary tafaverina tao anatin'ny iray volana monja ny entana lafo satria nandeha be ny varotra natao. Ankehitriny dia efa tafasokatra daholo ny tsena roa saika nikatona , ary mbola nahasokatra tsena hafa indray aza. Niaiky izy mivady fa ilay mosavy nataon'olona, hay vitan'ilay mpitsabo malaza ny namerina azy tao anatin'ny fotoana fohy, ka na saika rava sy potika aza ny fiainan'izy mianakavy, dia niverina sy lasa mpanan-karena ihany taty aoriana.

***Ny Akama***


**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Volatsima R**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**28/07/18 hatramin'ny 04/08/18**

- **MAMY** (67HA Nord Est) 020 22 318 21/020 24 627 72
- **NOUVELLE** (Rue Indira Gandhi Tsaralalana) 020 22 370 03/034 22 370 03
- **SOANDRY** (Behoririka près de Luxor) 020 22 228 37/033 11 650 36/034 98 379 12
- **HANITRA** (Ankorahotra) 020 22 312 81/020 22 350 80
- **AMBODIVONA** (Ambodivona) 034 07 228 98

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 / Orange :
032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Fanapariahana:**
Kalasoa: 033 16 153 91
Solofo : 034 89 907 74

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 795-07-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

INDOSTRIA

# Hametraka tanora vanona isika hoy ny minisitra Guy Rivo



Nihaona tamin'ireo mpandraharaha sinoa mipetraka any Dubai ny minisitry ny indostria Guy Rivo Randrianarisoa ny faran'ny herinandro teo. Taorian' izany, nisy ny fampiofanana ireo tanora mpianatra tao amin'ny Oniversite tsy miankina maromaro, nifanakalo hevitra sy nampiofana azy ireo. Nanambara ny minisitra fa mandalo iray andro monja ireo tanora sinoa 12, namorona zavatra maro lehibe tany Chine ary lasa mpanefoefo dia lasa mipetraka sy mandraharaha any Dubaï indray ankehitriny. Isan'ny namorona ny weChat, alibaba ny sasany tamin'izy ireo. Niantso sy nanasa tanora Malagasy maromaro izahay niaraka amin'i Ny Rado Rafalimanana, nifanakalo hevitra tamin' ireto vahiny nahavita zavatra ireto. Tonga nitantara ny lalana nandalovana sy ny asa mafy natrehany vao tonga amin'izany hoe tafita izany. Anareo i Madagasikara hoy izy ireo, fa tsy izahay indray no hanao tompon-tany eto aminareo. Mila saro-piaro amin' ny fanananareo ianareo. Raha te ho tafita ianareo tanora dia havadiho asa ny nofinofy ary hataovy mialohan'ny rendrarendra ny asa. Miasa mafy, miasa tsara, izay ihany no maha tafita anareo hoy izy.

***Helisoa***

Foulpointe- Tomasina

# Simba amin'ny ampahany betsaka ny RN5

Simba amin' ny ampahany betsaka amin'izao fotoana ny lalam-pirenena faha-5 (RN5), mampitohy an' i Mahavelona Foulpointe amin'i Toamasina iny, izay mirefy 50 km. Raha 30 minitra na mahery kely ny faharetan' ny dia mankany taloha dia adiny 3 izany ankehitriny fara-fahaingany vao vita nohon'ny fahasimban'ny lalana. Noho izay antony izay, miantso ny fitondrana ireo olomboafidy ao Toamasina faha-2, mba hijery sy hanarina izany satria efa akaiky ny fotoanan' ny vokatra letisia andaniny ary koa ny fotoanan' ny vakansy lehibe ankilany, izay mahabe ny mpiala sasatra sy ny mpizahatany mankany Mahavelona Foulpointe. Noho ny faharatsian'ny lalana izay, miakatra ny saran-dalana, ka sahirana ny mponina any amin'iny faritra iny.

***Aly***

Holafitry ny vaditany sy ny mpanao lavanty

# Me Rasamimaka Mahefalahy no filoha vaovao

Mijoro amin'izao fotoana ny birao vaovaon'ny holafitry ny vaditany sy ny mpanao lavanty eto Madagasikara, na ny huissiers et commissaires priseurs de Madagasikara, filoha vaovao mitarika izany fikambanana izany, Me Rasamimaka Mahefalahy. Nampahafantarina tetsy Antaninarenina omaly ireo birao vaovaon'ity holafitra ity sy ny programan'asan'izy ireo mandritra ny 4 taona izay hitondran'izy ireo ity holafitra ity. Nambaran'ny filoha vaovao, Me Rasamimaka Mahefalahy tamin'izany fa anisan'ny asa imasoan'izy ireo ny fampifandraisana ny samy vaditany sy ny mpanao lavanty eto amin'ny Nosy; horaisin'izy ireo ny biraon'ny holafitra izay misy ao amin'ny Tranoben'ny lalàna; handrindra ny fiaraha-miasa koa izy ireo mba tsy hisy ny fifanitsahana andraikitra. Ho fampandrosoana ity asa ity, hampahafantatra ny rehetra ny tena asan'ny vaditany sy ny mpanao lavanty izy ireo, izay singa iray anisan'ny mampandeha ny fitsarana eto amintsika. Ankoatra izany, hiezaka izy ireo hametraka ny lalànan'ny mpanao lavanty. Nomarihany tamin'izany fa ny vaditany vonjimaika dia amin'ny distrika ihany no afaka manao ny asany, ary afaka hanao fifaninanana izy ireny amin'ny fidirana ho vaditany matihanina.

***Aly***





*Ny filohan'ny holafitry ny vaditany eto Madagasikara, Me Rasamimaka Mahefalahy.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 245




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady


### Valiny Teny Tondro (0244)

***Mitsivalana***
- Malabary
- Lasa (Miv) – Non(o)
- Ar
- Jiolahy
- Tripy
- Dor(o) – Nana
- Malagasy (Miv)

***Mitsangana***
- May
- As – Os(y)
- Lanitra
- La (Miv) – Ro (Miv)
- Alina
- An – Lapa (Miv)
- Roahina
- Inri – Ma (Miv)

## TENY MIFANARAKA

N° 245




**Mitsivalana**

**1.** Manahirana, tsy vita mora – Mpanoritra **2.** Aro orana – Kapoka (Miv) **3.** Vizana – Ambany **4.** Niongotra – Tovona (Miv) **5.** Faran-teny – Foto-tenin'ny fonenana **6.** Fiantsoana ny tsirairay **7.** Mamarana ny teniny – Sahala (Miv) **8.** Maraina, atoandro, harivo – Ao amin'ny vava **9.** Bokinkira – Tovona **10.** Mikoriana ao anaty – Milaza fananana (Miv)

**Mitsangana**

**A.** Toerana fitobian'ny sambo **B.** Aroso – Mpanondro manolotra **D.** Ranom-bava – Fafa **E.** Voankazo **F.** Irery – Renirano **G.** Lavitra hita maso – Zanak'i Dada **H.** Mpanondro toerana – Kere (Miv) **I.** Nifidy **J.** Misy ny Mpanjaka – Naoty **K.** Tanàna – Telo sy roa

### Valiny Teny mifanaraka 0244

**Mitsivalana**

1 Tratra - Ako 2. Ianao - Vaky (Miv) 3. Avana - Vala 4. Ady (Miv) - Foy 5. An - Kasa - In 6. Zavona - Any 7. Araka 8. Matroka 9. Ia - Nanavy (Miv) 10. Filaminana

**Mitsangana**

A. Tia - Azo - If B. Ravina - May D. Dona (Miv) - Voa E. Tanako F. Roa - Mirana (Miv) G. Tsarovy H. Vy (Miv) - Naka (Miv) I. (S)akaf(o) - Akàna J. Kabina - An(atra) K. Ovainy - Ana

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny fivoriana ara-potoana voalohan'ny mpanolo-tsainan'ny tanànan'Antananarivo tao amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely.





Fotoam-pivavahana fanirahana ireo mpitandrina sy mpampianatra ho eo amin'ny sahan'ny Fiangonana FJKM natao tao Antsahamanitra.





Ny fihaonan'ny depioten'ny fanovana TIM tamin'ny mpikatroka TIM tany Soavinandriana omaly.





Boriborintany faha-2 sy faha-6 nikarakara didim-poitra faobe ny sabotsy teo.



